# Eny tokoa, fa saro-piaro Allah, ary saro-piaro ihany koa ireo mpino, fa ny fahasaro-piaron'I Allah dia ny fanaovan'ny mpino izay zavatra voarara aminy

Tatitra azo avy amin'i Abou Houraira (R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Eny tokoa, fa saro-piaro Allah, ary saro-piaro ihany koa ireo mpino, fa ny fahasaro-piaron'I Allah dia ny fanaovan'ny mpino izay zavatra voarara aminy."
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa saro-piaro sy mankahala ary tsy mankatia I Allah, tahaka ny mpino mahay saro-piaro sy mankahala ary tsy mitia, fa ny antony mahasaro-piaro an'I Allah dia ny fanaovan'ny mpino silamo izay zavatra noraran'I Allah aminy toy ny; fijangajangana sy fanambadianamitovy taovam-pananahana ary ny fangalarana, ny fisotroana toaka, ary ny fahalotoam-pitondran-tena hafa.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3354

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee